# Ilay Voa Tsara Nafafy 07 Novambra 2018

# 7 Alarobia novambra

**Aza mety hofitahina ianareo : fa ny mpijangajanga sy ny mpanompo sampy sy ny mpaka vadin'olona … sy ny mpangalatra sy ny mpierina sy ny mpimamo … dia tsy mba handova ny fanjakan'Andriamanitra. Ary efa mba toy izany ihany ny sasany aminareo, saingy efa voasasa ianareo, efa nohamasinina …, efa nohamarinina …, tamin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompo sy tamin'ny Fanahin'Andriamanitsika.** 1 Korintiana 6. 9-11

## Ilay zanatsipìka tsy afaka nahatratra azy intsony

Niaina tao anaty fahadalana i Robert, fony izy tanora. Saingy rehefa niova fo ho an'i Jesosy Kristy izy, dia nanjary mpitory Filazantsara mavitrika. Indray hariva, nony hiditra tao amin'ny efitrano hitoriany teny izy, dia nomen'olona taratasy nisy soratra hoe : „Mpihatsaravelatsihy ianao. Hampiverina ny fitadidianao ity taratasy ity. Tsarovy izao… sy izao… Ho sahinao ve ny hijoro ato amin'ity efitrano ity, izao hariva izao, mba hitory ny teny soa mahafaly ?"

Nahery vaika sy tampoka izany, raha kapoka ! Niakatra teny an-tsehatra i Robert, nanokatra ny Baiboliny, ary namaky hoe : „Tonga tetỳ ambonin'ny tany Kristy Jesosy hamonjy ny mpanota, ary amin'ireny izaho no lohany" (1 Timoty 1. 15). Niato kely izy, dia nanomboka tamin'izao teny izao : „Ry havana, raha niditra teto amin'ity efitrano ity aho teo, dia nisy hafatra nomena ahy. Olona mahafantatra ahy no nanoratra izany, nampahatsiahy ny fitondrantena tsy mendrika nananako fahiny. Zavatra telo no lazaiko anareo :

— Ny voalohany, dia hoe marina tanteraka ny teniny ; ary menatra sy malahelo aho noho ny faniasiako tamin'ny fahatanorako.

— Ny faharoa, dia hoe efa voavela avokoa izany rehetra izany, satria mahatoky sy marina Andriamanitra, ka raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mamela ny fahotantsika Izy, noho ny asampanavotana notanterahin'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana.

— Ary ny fahatelo, dia hoe raha afaka mamela olona meloka tahaka ahy izao Andriamanitra, dia tsy misy olona hatao hoe mpanota be loatra ka tsy ho afaka handray koa izany famelankeloka avy amin'Andriamanitra izany …"

Hoy ny Baiboly amintsika : „Ary ianareo, izay efa matin'ny fahadisoana(reo) … dia novelominy niaraka tamin'i Kristy, rehefa navelany ny fahadisoantsika rehetra" (Kolosiana 2. 13).